# SAMPANA SEKOLY ALAHADY

**KILASY :** Faha Fito
**Lesona** : ***« Ny Pentekosta sy ny Fanahy Masina »***

- **Pentekosta** : Herinandro fito manaraka ny Paska, faha-dimampolo no dikany tsotra ara-bakiny
- **Pentekosta ao amin'ny Testamenta taloha** : Ny Pentekosta dia andro fanaterana ny voalohan-bokatra, ka ny mofo natao fantitra tamin'izany dia vita tamin'ny kobam-bary vokatra voalohany (Nomery 28 :26)

Andro firavoravoana amin'ny fijinjana ny voaloham-bokatra no fiantso azy (Deo 16 :10).
Ny Pentekosta koa anefa dia fahatsiarovana ny nanomezan'Andriamanitra ny lalàna tao Sinay, araka ny hevitry ny Jiosy. Efa hatry ny ela ny Jiosy no nankalaza izany Pentekosta izany.

- **Pentekosta Kristiana Asa 2**

**Ny andro Pentekosta sy ny fanahy Masina (Asa 2 :1-3)**
Tamin'ny andro Pentekosta, fotoana nahatsiarovana ny nanomezan'Andriamnitra ny lalàna no nahavory ireo Apostoly mba hiara-mandinika ny Soratra Masina. Fotoana nahavory ny olona maro tao Jerosalema izany andro izany. Tanteraka tamin'izany ny teny fampanantenana nomen'i Jesoa azy ireo fa hanomezany ny Fanahy Masina.
Io fotoana nilatsahan'ny fanahy Masina voalohany io no kihon-dalana teo amin'ny fielezan'ny filazantsara sy niorenan'ny Fiangonana Voalohany.
**Ahoana ny fomba nisehoan'ny Fanahy Masina ?** Rivotra nifofofofo sy lela miendrika afo. Io lela mitarehina afo io no nipetraka tamin'ny Tsirairay.
Ny afo dia milaza hery sy fiheretana ary hafanana ; ny lela kosa dia midika ho fitenanana.
Natao hitan'ny maso izany mba hampiharihary fa tena nomena ny olona rehetra tsirairay avy tokoa ny Fanahy Masina.
Io lela mitarehina afo io no loharanon-kery izay mitondra fifandraisana vaovao amin'ny alalan'ny teny. Ny tanjona amin'izany dia ny mba hahazon'ny olona rehetra avy amin'ny firenen-tsamihafa ny Tenin'Andriamanitra, ka horaisiny sy ho fiainany.
**Fanontaniana** :

1. Inona no maha-samihafa ny Pentekosta ao main'ny Testamenta taloha sy ny Pentekosta Kristiana ?
2. Nahoana no kihon-dalana eo amin'ny finoana Kistiana ny Pentekosta ?

Hojerentsika amin'ny manaraka :

- Ny asan'ny Fanahy Masina sy ny fielzana ny Filazantsara (Asa 2.4-12)
- Ny asan'ny fanahy Masina sy ny fahasahiana mitory (Asa 2.14-21)
- Ny andro Pentekosta sy ny faminanian'i Joela (Asa 2.16-21)

**TSIANJERY** : Asa 1.8
***«Fa hahazo hery ianareo amin'ny hilatsahan'ny Fanahy Masina aminareo, ary ho vavolombeloko any Jerosalema sy eran'i Jodia sy Samaria ary hatramin'ny faran'ny tany. »***

Ny Mpampianatra RAKOTONIRINA Georges